TATITRA DINGANA FAHAROA: FANADIHADIANA IFOTONY
12 Juin 2013

Firenena: MADAGASIKARA

Kaominina: Amboasary sud

Famintinana ny toe-java-misy eo amin'ny kaominina

75 Km miala ny renivohitry ny faritry Anosy (Fort Dauphin) no ahitana ny kaominina Andrenivohitry Amboasary Atsimo, manana velerantany 463 km² izy. Mponina mihoatra ny 32 411 izy. Ny lalana kominaly kosa dia mirefy 83 km. Eo amin'ny resaka fahasalamana dia misy CHD 1 sy CSB II iray eny antoerana. Eo amin'ny resaka fampianarana dia misy sekoly mihisa 19 ny kaominina Amboasary Atsimo ka tafiditra ao anatin'izany ny miankina sy ny tsy miankina rehetra. Eo amin'ny lafiny fambolena dia mampiavaka ny Kaominina ny fambolena Hazy ary anisany mampidibola be ny kaomina amin'ny alalan'ny hetran-tany satria ny kaominina dia tsy maka tamberim-bidy amin'ny vokatra rehetra mivoaka eo antoerana hatramin'izao.

Tanjak'ilay kaominina eo amin'ny fampidirana ny miralenta

Efa betsaka ny vehivavy mandray andraikitra fa ny fiaraha-monina ankapobeny mihitsy no tsy mbola manaiky satria efa betsaka ireo olom-boatendry vehivavy eo antoarana.

Fahalemena

Mbola sarotra ny hampidirana ny miralenta eny ifotony satria Antandroy no tena betsaka eny antoerana nefa io foko io dia tsy dia manome vahana ny vehivavy loatra toy ny foko rehetra hita any amin'ny faritra atsimo rehetra.

Valin'ny "carte des scores" (KARATRA ISA ANDREFESANA NY MIRALENTA ENY IFOTONY)

Tanjona	**Naoty nomen'ny kaominina (%)**	**Naoty nomen'ny Gender Links (%)**	**Naoty ifanarahana**
Sehatry ny pôlitika	1%		
Fitondram-panjakana	5%		
Fandaharanasa manokana ho an'ny vehivavy sy ny lehilahy	24%		
Fampidirana ny resaka Miralenta eo amin'ny fandaharana asa efa ataon'ny Kaominina	10%		
Fandraisana mpiasa	10		
Rafim-pitantanana ny miralenta	7		
Salan'isa	**57%**		

FANADIHADIANA IFOTONY

SEHATRY NY POLITIKA

Araky ny fanadihadiana natao dia efa betsaka ny olona mahafantatra ny atao hoe miralenta raha ny eo anivon'ny kaominina Amboasary Atsimo no jerana. Na dia eo aza izany dia tsy fantatry ny mponina sy ny tompon'Andraikitra ireo fifanarahana rehetra na nationaly na iraisam-pirenena noho ny fampidiranana azy ireo amin'ny teny midina ka mba hananan'ny kaominina tahirin-kevitra.

FITONDRAM-PANJAKANA

- **Fitovian'ny isan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny kaominina**

Vehivavy iray ihany ao amin'ny mpanontsaina 7 no vehivavy. Raha eo anivon'ny fivorian'ny mpanolotsaina dia mandray anjara fitenenanana io vehivavy io ary tsy misy fanavakavahana ny hevitra hotapahana na avy amin'ny lahy izany na avy amin'ny vavy.

Raha eo main'ny tompon'andraika voalohanay eo anivon'ny kaominina dia vehivavy no mitazona ny dimy izany hoe 83% dia (Etat Civil, Secretaire Dactylo, Service financière, Security, Informatique.). Ny tompon'andraikitry ny Voirie ihany no ahitana lehilahy tompon'andraikitra voalohany.

Ireo kômity ao amin'ny kaominina

	Lahy	**Vavy**	**Fitambarany**	**% Lahy**	**% Vavy**
Mpanolontsaina	6	1	7	86%	14%
Fanapan-kevitra	9	1	10	10%	90%
Mpiasan'ny Kaominina hafa	26	11	37	70%	30%
Fitambarany	**41**	**13**	**54**	**76%**	**24%**

- **Fandraisana anjara**

Samy mandray anjara amin'ny fivoriana na ny lahy na ny vavy raha eo anivon'ny kaominina no jerena

- **Fandraisana anjaran'ny vahoaka**

Amin'ny ankapobeny dia ny lehilahy no tena tonga betsaka indridra raha vao misy fivoriam-pokon'olona; Mahatratra eo amin'ny 70% eo ny tahan'izy ireo amin'izany izany hoe 30% ihany no vehivavy. Antony mahatonga izany dia tsy omena andraikitra loatra ny vehivavy, ary na dia tonga mivory aza izy ireo dia tsy dia sahy miteny loatra ary na dia sahy miteny aza dia tsy raisin'ny lehilahy ny hevitra avoakany na dia hita aza fa hevitra tsara sy mahasoa.

DRAFITR'ASA HIASANA

Fizotry ny lamin'asa eo amin'ny kaominina

FANDAHARANASA MANOKANA HO AN'NY VEHIVAVY SY NY LEHILAHY

- **Fiarian-karena sy famoronana asa**

Raha ny hita teny antoerana dia asa fivarotana no tena hita fa andraisan'ny vehivavy anjara amin'ny sehatrin'ny fiarian-karena. Anisan'ny ny fifarotana akoho amam-borona, Vokatry ny tany rehetra toy ny vomanga, katsaka, vary…sns. Tsy dia fantatra mazava tsara alo raha fanam-piana ny mpivarotra na koa antony hafa manokana fa ireo mpivarotra ny mpanangom-bokatra rehetra dia tsy misy akana tamberim-bidy.

- **Famatsiana**

Anisan'ny ezaka nataon'ny kaominina koa ny manentana ireo vehivavy mbola mijanona ao antrano mba hanao asa fihariana ka izany no tena mahabetsana ny vehivavy mpivarotra vorona eo antsena.
Raha eo amin'ny resaka fiovaovan'ny toe-trandro dia tsy manana sosok'evitra momba izany mihitsa rah any valin'ny fanadiadiana natao tamin'ireo solon-tenan'ny kaominina sy ny tompon'adraikitra eo antoerana satria na dia ny fambolen-kazo ary no ao antsan'izy ireo momba ny fiarovana ny tontolo iainana dia lasa hetsika politika fotsiny izany tsy ahitam-bokatra na dia iray akory aza.

- **Trano fonenana**

Raha resaka fananantany dia mpanam-bola ihany no afaka manao borne satria dia tsy maintsy manafatra tompon'andraikitry ny fananan-tany any fort dauphin. Vola be anefa no manafatra azy ireo satria satria sady efa mandoa sariny 240 000 Ar dia mbola miantsoka karama ny olona tonga eny antoerana 120 000, etsy andaniny ny sakafo, frais, ny hotely hipetrahan'izy ireo.

- **Fahadiovana:**

Amboasary no mampiasaka ny faritry anosy sy androy, manana renirano lehibe izy io antsoina hoe " Mandrare ". Io renirano io no miantoka ny sakafo sy fidiovan'ny mponina mahery ny 90 isan-jako. Antony mahatonga izany dia tsaratsara kokoa noho ny ranon'ny Jirama io rano io raha loharanom-baovao azo teny antoerana. Ny ny mpivarotra rano aza dia eny no maka rano ary mivarotra izany isan-tokatrano ary 200 ar ny vidin'izany tamin'ny fotoana nandalovanay teny antoerana (12 juin 2014)

- **Kojakojam-piainana andavanandro**

Mandray anjara amin'ny fikojakojana sy fitantanana ny fananana ihombonana ny vehivavy amin'ny kaominina. Anisan'izany ny fanadiovana ny tanàna sy ny tsena. Fanaraha-maso ny fananana ihombonana toy ny tranom-pokonolona, sekoly,sns

- **Fahasalamana**

Voatsinjo manokana ny reny sy zana amin'ny lafiny fahasalamana satria indray mandeha isaky ny telo volana dia misy hetsika ho azy ireo toy ny fanaovana vakisiny, fizarana lay misy ody moka…

- **VIH/SIDA**

Toy ny zava-misy fahita matetika eny amin'ny fivarotana madinika rehetra eto Madagasikara dia hita fa efa betsany ny mivarotra fimailo eo antoerana. Antony mahatonga izany ny fanentanana momba ny ady amin'ny VIH/SIDA izay efa ela no

nisy teny antoerana. Tsy manana tarehimarika momba ny olona mitondra io tsimok'aretina io anefa ny kaominina satria mbola tsy sahy miseho ny olona mitondra izany ary mbola ambany koa ny tahan'ny olona manao fitiliana.

FAMPIDIRANA NY RESAKA MIRALENTA AMIN'NY FANDAHARANA ASA EFA MISY
Drafitrasa hamongorana ny herisetra

Na dia Kaominina andrenivohitra aza i Amboasary Atsimo dia tsy manana foto-drafitrasa momba ny famakiam-boko na toerana ho an'ny be antitra.

Raha eo amin'ny lafin'ny herisetra kosa dia anisan'ireo faritra mena I Amboasary. Misy mihitsy aza no miteny hoe " Tanan-dolo" izany hoe Tanana misy lolo. Antony mahatonga izany ny ahitana ireo trangana fanafiana ataon'ny dahalo. Mandry tsy lavo loha ny mponina rehetra. Vao manomboka maizina ny andro dia samy mijanona any antranony daholo. Misy koa ny hetsika ataon'ny mpitandro filaminana amin'ny fisavana karam-panondro ho an'ireo mivezivezy amin'ny alina. Ny mahagaga anefa dia tsy mamaly ny atso mihitsy ny Zandary sy ny Polisy raha vo misy olona miatso " Vonjeo' amin'ny alina. Araka ny vaovao marim-pototra azo teny antoerana na dia hiaro ny vahoaka sy ny fananany aza ny andraikitr'izy ireo. Raha mamaly antso kosa izy ireo dia efa adin'ny telo na efatra ahorian'ny fanafiana. Tsy fantatra mazava tsara alo hoe "Mamy ny Aina " na koa hoe: " Tsy fandraisana andraikitra ankitsirano no anton'izany.

FANDRAISANA MPIASA

- **Sivana sy fandraisana mpiasa**

Tsy manavaka na lahy, na vavy ny kaomina rehefa hampiditra mpiasa fa izay mahafeno fepetra dia raisana avokoa. Momba ireo eo amperin'asa koa dia misy karama izay mitovy asa ana andraikitra na lahy izany na vavy.

- **Drafitrasa momba ny fandraisana mpiasa**

Tsy mbola manana drafitr'asa manokana momba ny fandraisa mpiasa ny kaominina

- **Fanofanana ho fanamafisam-pahaizana**

Tsy manana politika momba ny torok'isina sy ny fifisian-kirahy ny kaominina.

- **Fihatsarana eo amin'ny asa**

Mitovy ny zon'ny lahy sy ny vavy mpiasa ao amin'ny kaominina, mitovy ny ora ihasana ary mitovy koa ny karama raisina.

RAFIM-PITANTANANA NY MIRALENTA

- **Teti-bola hampidirana ny miralenta**

Ny kaomina dia natokana ho an'ny Lahy sy vavy

- **Tombana**

Mbol a tsy nisy tombana natao teto amin'ny kaomina momba ny miralenta satria tsy dia vaindohan-draharaha ny kaominina izany teo aloa.

Dingana: Faha 2
Firenena: MADAGASIKARA
Toerana: Amboasary Sud
Daty: 12 Juin 2014
FANAMARINAM-PAHATONGAVANA

N°	Anarana sy fanampiny	Lahy (L)/Vavy(V)	Kaominina	Andraikitra	Téléphone	E-mail
1	RABETSIVAHINY	**L**	Amboasary Atsimo	SDSP (Medecin Inspecteur)	033 23 500 99	nitendryanto@yahoo.fr
2	MIANDRISOA Christophe	L	Amboasary Atsimo	Président ACI	034 17 694 88	
3	VORIRIKY Elyse	V	Amboasary Atsimo	RNM/ TVM	033 25 674 28	
4	FANAMPISOARIMANANA Celistine Edwige	V	Amboasary Atsimo	Vehivavy mpitarika	033 40 638 00	
5	ZARASOA Relphine	V	Amboasary Atsimo	Membre Excecutif	033 24 927 71	
6	RAVELOSAOTRA Alain Rivo	L	Amboasary Atsimo	Membre Excecutif	033 79 442 40	
7	MIVOATSE Central	L	Amboasary Atsimo	Tantsaha	033 18 411 92	
8	MANAMIHAJA Pascal	L	Amboasary Atsimo	Exécutif commune	033 16 306 12	
9	FAFIRAMOSOA Noha Soarina Lahiarivo	V	Amboasary Atsimo	Président AMPELA NITRAOKE	032 84 409 72	
10	HERENASOA Lilly Hortensia	V	Amboasary Atsimo	Police Municipale	033 73 815 10	
11	MOSA	L	Amboasary Atsimo	Président CECJ Vondrona	033 04 364 69	
12	TEMA Eliane	V	Amboasary Atsimo	Parajuriste	032 44 684 71	
13	SOLONANDRASANA Modestine	V	Amboasary Atsimo	Président Association Mivoatse	032 81 436 11 033 17 818 11	
14	RAZAFINARATOMBY Brésuellat Alline	V	Amboasary Atsimo	Vehivavy mpitarika	033 03 307 58	
15	MANA Rehase	L	Amboasary Atsimo	Adjoint au Maire	033 21 815 85	
16	FANAMPEA Milson	L	Amboasary Atsimo	PCM	033 04 365 19	

17	SIJA Esthella	V	Amboasary Atsimo	Comptable	033 04 365 19	
18	GEORGES Jean	V	Amboasary Atsimo	Mpivarotra		
19	RAZAFITSARANDRO Norline	V	Amboasary Atsimo	Facilitatrice GL	032 02 344 30 034 45 188 84	
20	NINTSINASOA Bertrigue Josiardèl	V	Amboasary Atsimo	Ficilitatrice GL	033 85 065 52 034 13 716 34	

Tahan'isa lahy sy vavy:

VAVY	12	60%
LAHY	8	40%
TOTALINY	**20**	**100%**